

ANTSO MOMBA NY VELAKEVITRA

ANTRÔPÔLÔJIA SY FAMPIANARANA EO ANIVON'NY FANATONTOLOANA

Fikaonandoha iraisam-pirenena
Mivantana & Ampitain-davitra

Mpikarakara : PLIDAM, Inalco, Paris, le laboratoire EICD-FFSF de l'École Normale Supérieure (ENS) et le laboratoire d'Anthropologie et d'Ethnologie de l'Institut de Civilisation/Musée d'Art et d'Archéologie (IC/MAA) de l'Université d'Antananarivo.

Toerana : École Normale Supérieure, Antananarivo Madagasikara
Daty: 02 sy 03 septambra 2025

Hodidin'ny lohahevitra

Ao anatin'ny vanim-potoanan'ny fanatontoloana, miatrika fanamby goavana ireo fiarahamonina maneran-tany mifandray. Ny fitomboan'ny fifamatorana eo amin'ny kolontsainy sy ny firenena dia miteraka fivoarana saro-takarina eo amin'ny filàn'ny olombelona, izay ananan'ny sehatra samihafa, indrindra ny fanabeazana, andraikitra. Io fanamby voalaza io dia mitaky fisaintsainana manadihady ny toeran'ny taranja maro toy ny antrôpôlôjia (Anderson-Levitt K. M., 2006) manoloana ny fivoarana amin'ny endriny samihafa: fiteny, kolontsaina, zavakanto, sns. Fantatra rahateo fa “ny fampandrosoana (...) dia tsy inona fa ny fitambaran'ny hetsika isan-karazany izay tanterahina eo anivon'ireo” (Olivier De Sardan, 2001). Tena vaindohan-draharaha ankehitriny ny fampifanarahana ny zava-misy iainana amin'ny tontolon-kolontsaina marolafy.

Noho izany, ity fikaonandoha ity dia mandinika ny fomba ahafahan'ny antrôpôlôjia mampivoatra ny fahalalana momba ny fivoaran'ny fikarohana eo amin'ny fiarahamonina, haiteny, fanabeazana ary siantifika amin'ireo sehatra samihafa mifandray aminy. Ny tanjona ankapobeny dia ny handray anjara amin'ny fampivoarana ny fikarohana momba ny antrôpôlôjia sy ny taranja mifandraika aminy : ny siansa momba ny olombelona sy ny fiarahamonina, ny siansa ny fanabeazana, ny siansa momba ny fiteny, ny siansa marina, sns. Ny petrakolana dia ny hahafantarana hoe hatraiza ny fiantraikan'ny fandrosoana amin'ireo mpisehatra eny ifotony, ary manahoana ny tena fiheveran'izy ireo sy ny tanjony izay mifamatotra amin'izany asa fampandrosoana tanterahiny izany.

Andrasana araka izany ny hevi-baovao mba hanampy tsy amin'ny fanavaozana ny fikarohana ihany, fa amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mifandraika amin'ny fifandimbasan'ny politikam-panjakana : eo amin'ny lafiny fahasalamana, vakoka, nomerika, fanabeazana (ny fifandraisan'izany amin'ny fiaraha-monina sy ny kolontsaina malagasy ary amin'ny zavatra andrasan'ny mpianatra samihafa fiaviana sns.). Raha fintinina dia kendrena ny hampiasana haifandinika mampiaty ireo fiheverana samihafa misy eo anivon'ny fanatontoloana.

Tezan-kevitra sivy no hodinihina mandritra izany fikaonandoha izany :

Tezankevitra 1 : Antrôpôlôjia momba ny fanabeazana, ny pedagôjia ary didaktikan'ireo taranja

Amin'ireo trangan-javatra dinihin'ny antrôpôlôjian'ny fanabeazana, ny velakevitra dia azo aompana amin'ny:

- ny fampitana fahalalana ivelan'ny sehatry ny fampianarana mahazatra
- ny fifanohinan-kolontsaina amin'ny maha-fananganana hevitra vaovao azy eo amin'ny fiarahamonina, vokatry ny fifandraisana misy eo amin'ireo kolontsaina samihafa, miaraka amin'ny hevitra voiziny avy : ny fifangaroana aterak'izany, ny fanajana ny kolontsain'ireo mpiantsehatra samihafa mihaona ao an-tsekoly : "mpampianatra-mpianatra" - "mpianatra-mpianatra".

Ireto koa misy fanontaniana samihafa azo dinihina momba ity tezan-kevitra ity :

- Inona avy ireo vokatra miabo na miiba ary ny sakana mifandray amin'ny pedagôjian'ny fifanohinan-kolontsaina?
- Amin'ny maha siansan'ny fiarahamonina ny didaktikan'ireo taranja (literera na siantifika), izay tsy misaraka amin'ny didaktikan'ny teny sy ny kolontsaina, dia teraka ireo olana epistemôlôjika manokana hoe ahoana no fomba fanorenana sy fampivezivezena ny fahalalana manoloana hodidina samihafa ara-jeôgrafika sy ara-piarahamonina ary kolontsaina?

Tezankevitra 2 : Antrôpôlôjia nomerika sy fahalalana nomerika

Ity sehatra ity dia manan-danja indrindra amin'izay tontolo itazoman'ny nomerika anjara toerana lehibe amin'ny fampitana fahalalana sy ny fampivoarana ny kolontsaina.

- Ahoana no fiantraikan'ny teknôlôjia vaovao sy ny fampahalalana ny nomerika amin'ny fiaraha-monina ankehitriny?
- Ahoana no fomba ahafahan'ny teknôlôjia mamolavola ny soatoavintsika, ny fenitra ara-tsosialy ary ny fomba fifandraisantsika?

Tezankevitra 3 : Etinô-matematika

Ny etinô-matematika dia zana-taranja mandinika ny fampiharana matematika eo amin'ny kolontsain'olombelona samihafa. Izy io dia mifototra amin'ny hevitra hoe tsy siansa tokana ny matematika, fa miseho amin'ny endrika isan-karazany, mifanaraka amin'ny tontolom-piarahamonina, kolontsaina ary jeôgrafika misy ny mponina mampihatra izany. Io zana-taranja io dia mandinika ny fomba iheveran'ny vondrom-piarahamonin'ny olombelona ireo voankevitra samihafa toy ny isa, ny habaka, ny fifandraisana, na teknika fandrefesana sy kajikajy, izay matetika tsy mitovy amin'ny matematika tandrefana mahazatra.

Ny velakevitra mifandraika amin'io sehatra io dia afaka mifandray amin'izay fomba amampanao mifamatotra amin'ny tranga malagasy :

- fandalinana ny sikidy
- fandalinana ny efamira majika voalaza amin'ny Sorabe
- fanadihadiana ny kilalaon-tsaina nentim-paharazana toy ny fanorona
- fandinihana ny literatiora am-bava – ny tanisa toy ny hoe: *isa ny amontana*, ny ankamantatra, sns.
- fianarana ny tetiandro
- fandalinana ny fanorenana jeômetrika momba ny zavakanto nentim-paharazana zafimaniry sy betsileo, sns.

Ny fandalinana voalaza eo ambony dia ahafahana mamaly ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Ahoana avy no iatrehana ireo tranga manokana ireo?
- Inona avy ireo fahasahiranana sedraina amin'ny fanatanterahana izany?
- Inona avy no fomba fanazavan'ny isam-poko an'izany eo amin'ny fanabeazana?

(Fampifandraisana amin'ny foto-kevitra matematika nianarana tao an-dakilasy, sy ny ohatra ara-kolontsaina nalaina mivaingana tamin'ny fiainana andavanandro ; ny antony manosika sy ny fampidirana an-tschatra ireo mpianatra avy amin'ny fiaviana samihafa).

Tezan-kevitra 4: Antrôpôlôjia ara-pitsaboana na “ethnomédecine”

Ny “ethnomédecine” dia sampana amin'ny antrôpôlôjia mandinika ny aretina ka mandalina ny finoana sy ny fanao rehetra mifandraika amin'ny aretina ao anatin'ny fiaraha-monina tsirairay. Mifantoka indrindra amin'ny fahalalana ara-pitsaboana miavaka ity sehatra ity. Tena liana amin'ny fiaraha-monina tsy tandrefana izy, izay matetika miompana tanteraka amin'ny finoana nentim-paharazana sy ny fomba amam-panao ara-kolontsaina mifandray amin'ny fiheverana ny aretina (Foster, G. M., & Anderson, B. G., 1978). Ny iray amin'ireo fanamby lehibe amin'ny antrôpôlôjian'ny fitsaboana dia ny adihevitra manodidina ny fifandonana eo amin'ny fahalalana ara-pitsaboana nentim-paharazana sy maoderina. Ity adihevitra ity dia miteraka fanakianana mikasika ny fomba ampiasain'ireo mpanasitrana nentim-paharazana na mifanipaka amin'ny fomba fitsaboana maoderina, ary koa ny fanontaniana momba ny maha-ara-dalàna ireo fomba fanao ireo araka ny fikarohana antrôpôlôjika. Ny fikarohana dia manasongadina olana manandanja maromaro amin'ny antrôpôlôjia mandinika ny fitsaboana, toy ny fifandraisana misy eo amin'ny antrôpôlôjia sy ny fahasalamam-bahoaka, ny fandalinana ny fitsaboana nentim-paharazana ary ny fomba fanao toy ny famosaviana sy ny fandroahana demony, na ny antrôpôlôjia momba ny fitsaboana amin'ny tranga toy ny fitsaboana tena sy ny fampiasana ny fanafody nentim-paharazana. Ankoatra izany, ny sehatra toy ny etinôpsikatria dia mampivoatra ny famakafakana ny fomba iainan'ny fiaraha-monina samihafa ny fahasalamana ara-tsaina amin'ny alàlan'ny fanaony sy finoany manokana (Kleinman, A, 1980).

Ny velakevitra mety anompanana ny adihevitra eto, dia ireo trangan-javatra mifandraika amin'ny tsy fitoviam-pijery eo amin'ny fahalalana ampiasaina amin'ny fitsaboana nentim-paharazana sy fitsaboana maoderina :

- Aiza ho aiza ny anjara toeran'ny etika eo amin'ny fampiasana ny fahalalana nentim-paharazana ? (Fivoarana eo amin'ny fitsaboana tandrefana sy ny vondrom-piarahamonina nentim-paharazana)
- Inona avy ireo fanakianana hita teo amin'ny fampidirana ireo fitsaboana nentim-paharazana na nanohitra ireo fanao maoderina, ary ny maha-ara-dalàna ireo fanao ireo ho toy ny fikarohan'ny antrôpôlôjia ?

Tezan-kevitra : Antrôpôlôjia sy tantara

Ny haifoko aman-tantara, sampana iraisam-pirenena, dia mikaroka momba ireo kolontsaina sy ireo fiaraha-monina taloha tamin'ny alalan'ny fampidirana ireo fomba fijery ara-poko. Liana manokana amin'ireo vondrom-piarahamonina izay matetika natao an-jorom-bala araka ny fitantarana nentim-paharazana izy, toy ny vazimba teratany, ary mikatsaka ny hanorina indray ny fomba fiainany, ny finoany ary ny fivoaran'izy ireo. Ity fomba fiasa ity dia tsy mifototra amin'ny tahirin-kevitra an-tsoratra ihany, fa amin'ny lovantsofina, ny lovantany arkeôlôjika ary ny tahirin-tsary. Ny mpikaroka dia manambatra ny firaketana an-tsoratra momba ny fanjanahantany na ny misionera miaraka amin'ny tadidivava, ny fombafomba amam-panao, ny zavakanto ary ny porofo arkeôlôjika mba hampahafantarana ny tantaran'ny olona.

Ny fifanohinana eo amin'ny antrôpôlôjia sy ny tantara dia ahafahantsika mianatra, tsy ny kolontsaina ankehitriny ihany, fa ny fiovan'izy ireny koa ; nanaraka ny fivoaran'ny fotoana. Ny tantara dia manome fahalalana hampiasaina amin'ny antrôpôlôjia, izay ahafahantsika mandalina ny fanao taloha sy mahazo ny antony ankehitriny. Tena ilaina io fomba fiasa io amin'ny fikarohana momba ny fitohizana na ny fahatapahan'ny fomba sy kolontsaina nentim-

paharazana, ary manome fahatakarana misimisy kokoa io momba ny fivoaran'ny fiarahamonin'olombelona.

Ao anatin'ny tontolon'ny firoboroboan'ny fanatontoloana dia mbola maro ny fanontaniana mipetraka. Fanontaniana iray no tena manan-danja ary tokony hanompanana ny fikarohana : ahoana no ifandraisan'ny antrôpôlôjia sy ny tantara amin'ny fandalinana ny fiarahamonin'olombelona ?

Tezan-kevitra 6 : Antrôpôlôjia sy volana am-bava

Ao amin'ny fiaraha-monina miaina amin'ny volana am-bava toa an'i Madagasikara, dia manana anjara toerana lehibe amin'ny fitehirizana sy fampitana ireo rafitra misy ny soatoavina ho an'ny taranaka ho avy ny volana am-bava. Mitana toerana lehibe eo anivon'ny fiaraha-monina maro ny fitenenana, amin'ny maha-mpiantoka ny fampitana kolontsaina azy. Ny antrôpôlôjian'ny volana am-bava dia mifantoka amin'ny tantara, hira, ohabolana ary ireo endrika fampitana am-bava. Izany dia mamela antsika hahatakatra ny fomba fampitana fahalalana amin'ny taranaka mifandimby amin'ny kolontsaina izay tsy niantehitra tamin'ny fanoratana fa niankina bebe kokoa tamin'ny teny, izay matetika mifandray amin'ny fombafomba, angano ary famantatra.

Ny fahaiza-mamorona sy ny fahaiza-mampifanaraka izay lazaina dia toetra manokana ho an'ny olombelona, tsy voafehin'ny teknôlôjia entina maneho ny volana am-bava. Ity volana am-bava vaovao ity dia tsy anisan'ny foto-kevitra ny volana am-bava amin'ny heviny antrôpôlôjika na dia tsy afaka manilika azy intsony aza isika. Izany rehetra izany dia mitaky fandinihana lalina sy adihevitra. Noho izany, ny fifanakalozan-kevitra dia tsy maintsy mifantoka indrindra amin'ireto teboka manaraka ireto :

- Amin'ny fomba ahoana ny adihevitra am-bava no mandray anjara amin'ny fanangonana hevitra, fampitana fahalalana, fananganana hevitra ary fandraisana anjara ara-demôkratika?
- Ahoana ny toeran'ny am-bava manoloana ny famokarana "Olobe" (Godelier M.) manoloana ny fanatrarana ny faharanitan-tsaina ara-teknôlôjia?

Tezan-kevitra 7 : Antrôpôlôjia sy etinôlôjia

Ny literatiora dia fitaratry ny kolontsaina, ny fomba amam-panao ary ny soatoavin'ny fiaraha-monina. Ny etinôlôjia sy ny literatiora dia manambatra ny fomba fijeriny mba hamakafaka ireo literatiora ho loharanon'ny haifandinika miompana amin'ny foko, vavolombelon'ny fomba amam-panaon'ny fiarahamonina, fanehoana an'izao tontolo izao ary rafi-tsainy. Ity sehatry ny fikarohana ity dia mandinika ny fanehoan'ny asa soratra sy ny fampitandreman'ny momba ireo singa ara-kolontsaina, ary ny fomba ahafahan'izy ireo mahazo bebe kokoa ny firafetan'ny fiainan'ny fiarahamonina. Ny tanjona amin'ny fandalinana ny asa soratra eo amin'ny foko sy ny literatiora amin'ny fomba fijery etinôlôjika dia ny hahita ireo rafi-pisainana, fomba fijery ary fihetseham-po aseho amin'ny fitantarana sy ny tantaran'ny vondron-kolontsaina iray. Ohatra, ny angano na tantara mampientam-po, izay toa mampiala voly fotsiny, dia matetika manankarena amin'ny tandindona, ny fitondran-tena; ary ny firafitry ny fitantarana dia izay mampahafantatra ny finoan'ny olona, ny firafitry ny fahefana, ny andraikitra ara-piarahamonina ary ny fomba fijery izao tontolo izao. Miankina matetika amin'ny fomba fiasa etnôgrafika ny fomba fandinika lahatsoratra miompana amin'ny haifoko, izay ahafahan'ny mpikaroka miaramiasa mivantana amin'ny mpamorona angano na mpitantara mba hahazoana ny fitantarana araka ny tena tokony ho izy. Amin'ny toe-javatra sasany, tafiditra ao anatin'izany ny fandikana lovantsofina, fiezahana hitahiry ny fomba, ny feo ary ny fomba fiteny eo an-toerana.

Ireo mpikaroka ara-poko sy literatiora dia mety hampiditra fanadihadiana miompana amin'ny fampitahana ihany koa mba hahatakarana an'izay fonosin'ny lohahevitra ny tantara na ny

antony ara-kolontsaina maro, indraindray misy ny fiovaovana manan-danja izay maneho ny soatoavina eo an-toerana.

Ireo lafin-javatra samihafa ireo dia azo halalinina sy dinihina mba hahazoana fahatakarana bebe kokoa momba ity sehatry ny fikarohana ity.

Tezan-kevitra 8 : Antrôpôlôjia sy haiteny

Lalina sy maro ny fifandraisana misy eo amin'ny antrôpôlôjia sy haiteny, satria ireo taranja roa ireo dia mifamatotra eo amin'ny fandalinany ny fiarahamonin'ny olombelona, ny kolontsaina ary ny fitondran-tenany. Ireto misy hevi-dehibe vitsivitsy amin'ireo fifandraisana ireo:

- **Haiteny sy antrôpôlôjia** : Ity sehatra fianarana ity dia mandinika ny fomba fiforonan'ny fiteny sy ny firafitry ny kolontsaina. Izy io dia mandinika ny fomba hanehoan'ny fiteny ny rafi-piarahamonina, ny finoana ary ny fomba amam-panao ao amin'ny fiarahamonina. Liana amin'ny fampiasana fiteny amin'ny seha-piarahamonina manokana ny mpisehatra eo amin'ny haiteny antrôpôlôjika, toy ny fombafomba, ny fenitra ara-piarahamonina ary ny ambaratongan-kolontsaina.
- **Fiteny sy kolontsaina** : Iray amin'ireo fifamatorana lehibe eo amin'ny antrôpôlôjia sy ny haiteny ny fiheverana fa ny fiteny dia tsy fitaovam-pifandraisana fotsiny, fa koa fampitana ny soatoavina ara-kolontsaina, finoana ary fomba amam-panao. Ny fiteny dia mitondra singa ara-kolontsaina, izay manampy amin'ny fahatakarana ny fomba fijerin'ny olona izao tontolo izao sy ny fifandraisany amin'ny tontolo iainany.
- **Sôsiôlingistika** : Ity sampan'ny haiteny ity dia liana amin'ny fifandraisan'ny fiteny sy ny fiaraha-monina. Izy io dia mandinika ny fiantraikan'ny anton-javatra ara-piarahamonina, toy ny saranga, ny maha-lahy na vavy, ny taona na ny jeôgrafia, eo amin'ny fampiasana ny fiteny. Ao amin'ny antrôpôlôjia, ny sôsiôlingistika dia ampiasaina handalinana ny fomba fiteny ao anatin'ny vondrona sy kolontsaim-piarahamonina, ary mba hahatakarana ny fiovaovan'ireo fanao ireo amin'ny sehatra.
- **Etnôgrafian'ny serasera** : Ity fomba fiasa ity, novolavolain'ny antrôpôlôjy toa an'i Dell Hymes, dia mikatsaka ny hahatakatra ny fomba fifandraisana amin'ny alàlan'ny fandalinana etnôgrafika. Tsy izay voalaza ihany no mamakafaka azy, fa koa hoe ahoana, rahoviana ary nahoana no ampiasaina amin'ny sehatra ara-kolontsaina manokana ny endri-pifandraisana iray.
- **Fiteny sy fiziana** : Ny fiteny ihany koa dia fomba iray ahafahan'ny tsirairay sy ny vondrona maneho ny maha-izy azy.

Ny velakevitra dia azo aompana amin'ny iray na maromaro amin'ireo seha-pandinihana ireo.

Tezankevitra 9 : Antrôpôlôjia sy ny vakoka

Ny vakoka, na azo tsapain-tanana na tsy azo tsapain-tanana, dia singa manan-danja amin'ny fiarovana ny maha-izy azy ny kolontsaina. Ny antrôpôlôjian'ny vakoka dia mikaroka ny fomba fandraisan'ny vondrom-piarahamonina ny lovany, na tsangambato, na toerana manan-tantara na fomba fanao mahazatra. Mandinika ihany koa ny fanamby ateraky ny fanatontoloana sy ny fitandroana ny vakoka manoloana ny fitaomana ara-kolontsaina avy any ivelany izy io.

Ny iray amin'ireo hevi-dehibe eto dia ny fandinihana momba ny fiziana marolafy :

- Inona no dikan'izany?
- Ahoana no hiheverana azy amin'izao vanimpotoana izao?

Tondroboky fohy

- Ayache, S. (1970). *Raombana (1809-1855), L'historien : introduction à l'édition critique de son œuvre : avec le texte (édition princeps) du manuscrit original, et un index*. Analamahitsy, Éditions Ambozontany.
- Beaujard Ph. (2024). *Temps et pouvoir. Les calendriers anciens de Madagascar*. Paris, Maisonneuve & Larose / Hémisphère.
- Boellstorff, T., Nardi, B., Pearce, C., & Taylor, T. L. (2012). *Ethnography and Virtual Worlds: A Handbook of Method*. New Jersey, Princeton University Press.
- Chemillier, M., Jacquet, D., Randrianary, V., Zabalia, M. Aspects mathématiques et cognitifs de la divination *sikidy* à Madagascar. *L'Homme* 181/2007, 7-40
- Coleman, E. G. (2016). *Anonymous, Hacker, activiste, faussaire, mouchard, lanceur d'alerte*, Paris, éditions Lux.
- D'Ambrosio, U. (1985). Ethnomathematics and its Place in the History and Pedagogy of Mathematics. *For the Learning of Mathematics*, 5(1), 44-48
- Domenichini-Ramiaramanana B. (1985). *Du Ohabolana au hainteny*. Paris, CRA/Karthala.
- Foster, G. M., & Anderson, B. G. (1988). *Medical Anthropology*. New York, Random House USA inc.
- Haring, L. (1992). *Verbal art in Madagascar. Performance in Historical Perspective*. Philadelphia, University of Pennsylvania Press.
- Horst, H., & Miller, D. (2012). *Digital Anthropology*. Oxford, Berg publishers.
- Hymes, D. (1981). *"In Vain I Tried to Tell You": Essays in Native American Ethnopoetics*. Philadelphia, University of Pennsylvania Press.
- Kleinman, A. (1980). *Patients and Healers in the Context of Culture: An Exploration of the Borderland between Anthropology, Medicine, and Psychiatry*. Berkeley, University of California Press.
- Neposteri S. (2023). *Voici l'histoire de nos ancêtres anakara. Le manuscrit arabico-malgache HB6*. Paris, ASOM/Geuthner.
- Olivier De Sardan J.-P. (2001). Les trois approches en anthropologie du développement. *Tiers-Monde*, Anthropologie du développement, fiscalité, géographie industrielle, éducation...tome 42, n° 168, 729-754
- Ong, W. J. (1982). *Orality and Literacy: The Technologizing of the Word*. Londres, Routledge.
- Ottino, P. (1986) *L'étrangère intime. Essai d'anthropologie de la civilisation de l'ancien Madagascar*. Paris, Éditions des archives contemporaines.
- Pourchez, L. (dir.) (2024) *Faire de l'ethnomédecine au XXIe siècle. Enjeux et perspectives*. Paris, Éditions des archives contemporaines.
- Raharinjanahary L. (1996). *Tapatoño. Joutes poétiques et devinettes des Masikoro du Sud-Ouest de Madagascar*. Paris, L'Harmattan.
- Raison-Jourde F. (1991). *Bible et pouvoir à Madagascar au XIX siècle. Invention d'une identité chrétienne et construction de l'État*. Paris, Éditions Karthala.
- Rajaonarimanana N. (2023). Les manuscrits arabico-malgaches. Caractéristiques et contenus. In *Mondes et Cultures*. Bulletin de l'Académie des Sciences d'Outre-mer, tome I, XXXIII, 2023, pp. 548-569.

Ravonjariisoa L. (2016). *Radama 1^{er}, fondateur de l'écriture malgache moderne. L'indigénisation du « Verbe » en Imerina*. Antananarivo, Foi et Justice.

Razafiarivony M. (2006). *Richesses culturelles et pauvreté économique d'une société rurale-Anosibe an'ala, Madagascar*. Tokyo, Tokyo University of Foreign Studies.

Sahlins, M. (1985). *Islands of History*. Chicago, University of Chicago Press.

Szende, T. (2014), *Second Culture Teaching and Learning: An Introduction*, Bern: Peter Lang.

Urfer, S. (coord.). (2021). *Histoire de Madagascar. La construction d'une nation*. Maisonneuve & Larose / Hémisphère.

Zumthor, P. (1983). *Introduction à la poésie orale*. Paris, Seuil.

FEPETRA

Ny velakevitra atolotra dia tsy maintsy aompana amin'ny iray amin'ireo tewan-kevitra eo ambonny ireo.

Halefa mailaka (amin'ny endrika word) izany, amin'ny adiresy :

theis.rasoloarivony@univ-antananarivo.mg sy alice.ravonjariisoa@inalco.fr

Hahitana ny lohateny, ny fintina amin'ny voantenany 300 sy teny manan-danja 4 hatramin'ny 6. Ny fetra farany handefasana ny fintina dia ny **alatsinainy 17 martsa 2025**. Ny mpitantsoratra amin'ny fikaonandoha dia handefa fanamarinana ny faharaisana izany ho an'ireo olona nandefa ny fintin'ny velakevitra kasainy hatao. Ny komity siantifika no hampahafantatra ny valiny ho an'ireo rehetra izay voaray na ilana fanitsiana ny fintin'ny velakevitra hataony mialoha ny **alatsinainy 05 may 2025**.

TETIANDRO

Alatsinainy 17 martsa 2025	Fe-potoana farany handefasana ny fintina
Alatsinainy 05 may 2025 (farafahatarany)	Fampahafantaran'ny komity siantifika an'ireo velakevitra voaray
02 sy 03 septambra 2025	Andron'ny fikaonandoha

SARAM-PISORATANA ANARANA

Ny saram-pisoratana anarana ho an'ny mpandray anjara tsirairay dia toy izao manaraka izao :
Miaraka amin'ny saran-tsakafo antoandro mandritra ireo andro roa (02 sy 03 septambra 2025)

- Mpampianatra-mpikaroka na Mpikaroka-mpampianatra: **180.000ar (€40 na \$45 na £35)**
- Mpianatra manomana doctorat : **90.000ar (€20 or \$22 or £18)**
- Sokajy hafa : **138.000ar (€60 or \$32 or £27)**

Tsy misy saran-tsakafo antoandro mandritra ireo andro roa (02 sy 03 septambra 2025)

- Mpampianatra-mpikaroka na Mpikaroka-mpampianatra: **138.000 (€30 or \$35 or £27)**
- Mpianatra manomana doctorat : **70.000ar (15€ or \$17 or £12)**
- Sokajy hafa : **270.000ar (€60 or \$65 or £55)**

Fanamarihana. Ny laharana handefasana ny vola amin'ny “mobile banking” (taptop send, western union, moneygram, ria) dia hampahafantarina amin'ny manaraka.

KÔMITY SIANTIFIKA

Thomas Szende, professeur des universités, directeur du laboratoire Plidam, Inalco, Paris
Narivelo Rajaonarimanana, professeur émérite, Plidam, Inalco, Paris
Harinosy Ratompomalala, professeure, Directrice de l'Ecole Doctorale PE2Di, ENS, Antananarivo

Michel Razafiarivony, professeur titulaire, IC/MAA, Université d'Antananarivo

Louise Ouvrard, professeure des universités, Plidam, Inalco, Paris

Diallo Abdourahmane, professeur des universités, Plidam, Inalco, Paris

Alice Ravonjariisoa, MC, Plidam, Inalco, Paris

Irène Rabenoro, professeure titulaire, Université d'Antananarivo

Zoé Crossland, professeur, Université de Columbia, New-York, USA

Miki Mori, MC - HDR, Université de Mayotte

Ramisandrazana Rakotoariseheno, docteur en histoire, membre titulaire de l'Académie malgache

Velomihanta Ranaivo, MC - HDR, ENS, Université d'Antananarivo

Suzette Malalatiana Ratiaray, MC, ENS, Université d'Antananarivo

Henriette Ramanambelina, MC, ENS, Université d'Antananarivo

Angelot Rakotoarison, MC, ENS, Université d'Antananarivo

Celestin Razafimbelo, professeur, ENS, Université d'Antananarivo

Omer Andrianarimanana, professeur, ENS, Université d'Antananarivo

Dieudonné Razafimahatratra, professeur, ENS, Université d'Antananarivo

Adeline Raharivelo, neuro-psychiatre, professeure titulaire en psychiatrie, Université d'Antananarivo.

Sahondra Olivia Rakotoson, MC-HDR, ENS, Université d'Antananarivo

Nirilalaina Randriatefison, MC-HDR, ENS, Université d'Antananarivo

Jean Rabenalisoa Ravalitera, docteur, directeur du Centre des langues de l'Académie malgache.

Dominique Tiana Razafindratsimba, professeure, FLSH, Université d'Antananarivo

Solo Raharinjanahary, professeur, FLSH, Université d'Antananarivo

Ny Hasina Rakotonirainy, MC-HDR, Université de Fianarantsoa

Hanna Nieber, docteur, Max Planck Institute for social anthropology, Halle, Allemagne

Guy Razamany, docteur HDR, Institut de langue et Civilisation de l'Océan Indien (ILC-SS), Université de Mahajanga

Ny Hasina Ratsimbazafy, MC, FLSH, Université d'Antananarivo

Lolona Nathalie Razafindralambo, MC, FLSH, Université d'Antananarivo

Georges Joseph Razafimamonjy, MC, Université de Toliara

Fabienne Razanabololona, docteure, enseignante-chercheure, Université de Toliara

Mamilalao Rakotonanahary, MC, ENS, Université d'Antananarivo

Elysé Herinaina Rajaonarimanana, MC, ENS, Université d'Antananarivo

Andrianiaina Narindra Rasoanaivo, MC, ENS, Université d'Antananarivo

Volatiana Ratsimba, MC, ENS, Université d'Antananarivo

Sylvain Rabotovao, MC, ENS, Université d'Antananarivo

Bakomalala Rakotondrabe Andriamihaja, MC, IC/MAA, Université d'Antananarivo

Tsikimilamina Rakotomavo, docteure en littérature, FLSH, Université d'Antananarivo

Eric Rafalimiadana, docteur, enseignant-chercheur, Université d'Antsiranana

Lovatiana Juliana, MC en Littératures francophones, FLSH Université Antsiranana

Ratsaraharisoa Josie Stella, docteure, enseignante-chercheure, FLSH Université Antsiranana

Baholy Malala Ravonison, MC, FLSH, Université d'Antananarivo

Ignace Radilofie, MC, FLSH, Université d'Antananarivo

Didier Mauro, docteur, socio-anthropologue, membre de l'Académie malgache et de l'Académie des sciences d'outre-mer

Noro Rakotobe D'Alberto, MC, Université de La Réunion/ Université de Mayotte

Silvia Neposteri, docteure, chercheure à l'Université de Naples L'Orientale

Victorine Razanabahiny, MC, ENS, Antananarivo
Isabelle Rafidimalala, MC, FLSH, Université d'Antananarivo
Olivà Ramavonirina, docteure, directrice de recherche, Centre des Langues de l'Académie
Malgache
Marie Fidèle Vololona, docteure, enseignante-vacataire, ENS, Antananarivo
Richard Barison, docteur, FFSF EICD ENS, Université d'Antananarivo
Mamihery Rakotoniaina, médecin, enseignant-chercheur à l'ENS, Antananarivo
Theis Lala Voahangimampionona Rasoloarivony, MC, directrice du laboratoire EICD-
FFSF, ENS, Antananarivo

KÔMITY MPIKARAKARA

Henriette Ramanambelina, MC, ENS, Antananarivo
Volatiana Ratsimba, MC, ENS, Antananarivo
Sahondra Olivia Rakotoson, MC-HDR, ENS, Antananarivo
Angelot Rakotoarison, MC, ENS, Antananarivo
Nirilalaina Randriatefison, MC-HDR, ENS, Antananarivo
Andriniaina Narindra Rasoanaivo, MC, ENS, Antananarivo
Victorine Razanabahiny, MC, ENS, Antananarivo
Jean-Claude Randriamahazo, enseignant-chercheur, ENS, Antananarivo
Victor James Rakotoarisoa, enseignant-chercheur, ENS, Antananarivo
Beby Fanja Raharimalala, enseignante-chercheuse, ENS, Antananarivo
Holiharinaivo Ratrimoheritombo, enseignante-chercheuse, ENS, Antananarivo
Isabelle Rafidimalala, MC, FLSH, Université d'Antananarivo
Olivà Ramavonirina, docteure, directrice de recherche, Centre des Langues de l'Académie
Malgache
Richard Barison, docteur, ENS, Antananarivo
Valisoa Sitraka Rakotozanany, doctorante, ENS, Antananarivo
Maria Valentine Ravolaharimanana, doctorante, ENS, Antananarivo
Bakomalala Rakotondrabe Andriamihaja, MC, IC/MAA, Antananarivo
Hasina Ratsimbazafy, MC, FLSH, Université d'Antananarivo
Rakotorahalahy Njaka Elisabeth, docteure, chercheuse associée, IC/MAA, Antananarivo
Su Xiaonan, BFSU, Beijing, Chine
Du Yimeng, BFSU, Beijing, Chine
Theis Lala Rasoloarivony, MC, directrice du Laboratoire FFSF/EICD, ENS, Antananarivo
Alice Ravonjariisoa, MC, PLIDAM, Inalco, Paris